NY FOMBA FANABEAZANA SEKOLY SABATA TANORA
ATO AMIN'NY FIKAMBANANA APOKALYPSY ETO MADAGASIKARA

A-Ny tantaran'ny sekoly Sabata Tanora sy ny antom-pisiany
B-Zava-misy sy tsoan-kevitra
C-Ny lafivalon'ny Fanabeazana SST

A-Ny tantaran'ny sekoly sabata Tanora :

Sampana tanora fahiny !

Efa nisy sampana tanora tato amin'ny fikambanana Apokalypsy fahiny, fa saingy rava matetika izany sampana izany nohon'ny olana maro, na dia nanao ny ainy tsy ho zavatra aza ireo zoky mpiandraikitra tamin'izany; anisan'ny fototry ny olana tamin'izany moa dia ireto manaraka ireto :

- Tsy fisian'ny anton'asa na hetsika "activité" raikitra,
- Tsy fisian'ny tanjona mazava sy raikitra
- Tsy fisian'ny fomba fiasa raikitra , na fandaminana raikitra napetraky ny teo
- Tsy fisian'ny firaisan-kina"matotra" eo amin'ny samy tanoran'ny fiangonana
- Tsy fisian'ny fifampifehezana (discipline) mazava

Hany ka na misy fotoana niroboroboan'ny sampana tanora aza dia miverina mangatsiaka indray izany rehefa miova ny olona mpitantana satria samy manana ny fomba fitantanana sy fomba fiasa ampiasainy ireo mpitarika nifandimby, ary na miroborobo aza ny amin'ny fiangonana iray dia mangatsiaka kosa ny any amin'ny toerana hafa , satria tsy mitovy sy tsy mitohy ny "fomba" ampiasain' ireo mpitantana ny sampana tanora isaky ny toerana sy zanam-piangonana samihafa.

Isan'ireo mpitarika Sekoly Sabata Tanora

Lafiratsy sy hevitry ny manodidina :

- **TSY AZO FEHEZINA SY TSY MAHAFANTATRA "DISCIPLINE" NY TANORA**
- **TSY MAHALALA SORATRA MASINA NA MINIA TSY MAMPIHATRA IZANY**
- **MORA MANAO FITONDRAN-TENA TSY MENDRIKA NY TANORA**

Ny antoko mpihira:

Misy ihany koa ny "Antoko mpihira" saingy tsy azo lazaina hoe sampana tanora izy io satria "tsy voafetra" hoe ny tanora ihany no mpikambana ao, fa izay rehetra te hidera sy hiantsa hoan'ny Tompo!, ary isaky ny alahady no "vanim-potoana" hanaovany ny hetsika na activités ,ankoatry ny fotoana fohy "fanaovana ny fanatitra"isan-tsabata.

Lesona azo tsoahina avy amin'ny Skotisma TOM

Ny taona 1998 dia niforona ny scoutisme TOM, izay nandray andraikitra hanabe ny tanoran'ny fiangonana FAM, Tsapanay fe manana fomba fanabeazana feno sy efa masaka tsara io sampana io , kanefa nohon'ny fivelaran' izany "fanabeazana" sahaniny izany dia tsy mijanona fotsiny amin'ny lafiny ara-panahy izy, fa misandrahatra sy mianjady amin'ny sehatra rehetra (vatana , saina , fanahy); ny fitsipi-pifehezana sy ny firaisankina no hita fa tena mampiavaka ny TOM.

Manana endrika miaramila io fomba fiasa skoto io ka ny andavan'andro no fotoana hanaovany ny hetsika isan-karazany fa tsy miditra amin'ny fitandrovana ny tanora amin'ny andro sabata izy tsy akory, sady misy koa ny Fandaharam-panabeazana izay tsy mifanojo loatra amin'ny "fomba fanao sabata"

Tsy tanora ihany anefa no sahanin'ny TOM fa hatramin'ny ankizy ihany koa…

INONA IHANY IZANY NO HATAO HOAN'IRETO TANORANTSIKA IRETO AMIN'NY ANDRO SABATA, SY HOAN'IREO TANORA IZAY TSY MIDITRA SAMPANA SKOTO NOHON'NY ANTONY MARO SAMY HAFA?

Tsy mahaliana hono ny Sekoly Sabata !

Voamarika taty aoriana fa tsy mifantonka firy amin'ny fianarana sekoly sabata ny tanora, ary raha manaraka izany aza izy ireo dia vokatry ny teritery ataon'ny "fandaminana" no hanatrehany izany fa ny akamaroanay dia variana miresaka sy mitokana "ivelan'ny kianja" . Ary misy sasany tamin'izany no lasa "manao hadalàna", tsy nisy rafitra na olona niandraikitra ny tanora rehefa andro sabata hatreto.

Taona 2003 (Rny Honré…Sekoly sabata ankizy … Sampana Skoto)

Nandroso sosokevitra ary ny ray amandreny Honoré (fantatra amin'ny fanafohezanteny hoe HJ4) ny mba hananganana SAMPANA TANORA SEKOLY SABATA , ahafahana mitaiza azy ireo amin'ny sehatra kristiana, sy ny mba hitomboan'ny aimpanahy mandritra ny fiatrehana ny sabata. Niantso ireo mpanabe sy tsara sitra-po rehetra izy ny mba hiaramiasa amin'ny fanatanterahana izany "hevitra" izany: Tonga namaly ny antso I Maitresse Dina (avy ao amin'ny Sekoly Sabata Ankizy) sy i Zoky Andry (Avy ao amin'ny Sampana Skoto TOM) ary koa ireo ray amandreny toa an'i Diakona Rivo sy Haja mivady (Dada Rivo sy mama Haja, ary koa ny Diakona Rija). Novoriana ireo tanora, ary dia natsangana ny birao vonjy maika ,ka i Filoha Andry no filoha mitarika ny Birao. Nandritra ny taona voalohany dia ny Msse Dina no niandraikitra ny fampianarana sy nandrindra ny fifandraisan'ny sampana amin'ny sehatra rehetra.

Ireo olana sy hevitry ny tanora:

Rehefa nanontaniana ireo tanora amin'ny antony tsy mampiraika azy ireo amin'ny fianarana sekoly Sabata Lehibe na ankizy intsony dia ireto manaraka ireto no nivoitra:

- Tsy mahaliana azy ireo loatra ny lohahevitra ianarana
- Tsy mamaly ny fanotaniana ao antsainy ny lesona ampianarina
- Tsy mifandraika amin'ny tontolo iainany andavan'andro ny lesona
- Toa tsy mahakasika azy ireo ny "lesona" ampianarina
- Tsy misy fandraisana andraikitra azon'ny tanora atao,
- Mahakasika azy ireo ihany ny lesona saingy tsy mahaliana azy ny fomba entin'ny mpampianatra sy mampita azy.
- Maniry handray anjara sy hifanakalo hevitra izy ireo saingy toa kabary tsy valiana (lasa tori-teny) matetika ny fianarana sekoly sabata .
- Tsy misy fotoana ahafahana mifanerasera amin'ny samy tanora mandritra ny tontolon' ny Sabata sns...

Tsoa-kevitra:

Nanapa - kevitra ary izahay mpanabe fa hamolavola fomba "méthode" manokana ho entina mitarika sy manabe ary mandray ny tanora ato amin'ny Apokalypsy, indrindra fa rehefa andro sabata. Marihinay fa tsy fampianarana (instruction) no atao fa "fanabeazana" (education) mihintsy satria efa mitombo taona ireo tanora ka tsy ampy intsony ny "fampianarana" fotsiny tahaka ny noraisiny tany amin'ny fahazazany.

Ho fomba **tokana sy maharitra ary mirindra** (lesona notsoahina tamin'ny skotisma TOM) ihany koa , antsoina hoe "lafivalon'ny fanabeazana Sekoly Sabata Tanora" ato amin'ny Fikambanana Apokalypsy eto Madagasikara. Tanora izay nantsoina hoe "Andiany Gideona" tao Manalalondo.

Koa ireto avy ary ny andinindinin'izany fomba fanabeazana izany, izay irinay hampiharina manerana ny sahan'ny FAM raha mbola sampana antsoina ihany koa hoe "Sekoly Sabata Tanora" no ajoro

NY LAFIVALON'NY FANABEAZANA SEKOLY SABATA TANORA
(ANDIANY "GIDEONA")

C- Ny lafivalon'ny fanabeazana SST:

Ireto manaraka ireto no mandrafitra ny lafivalon'ny fanabeazana SST, izay tokana sy tsy azo sarahana, ary mamaritra ny endrika sy ny fiainan'ny Sampana SEKOLY SABATA TANORA na ny GIDEONA.

1. **Fomba fiasa sy Fandaminana**
2. **Ny tarigetra: (Hanarina sy hanorina firenena hoan'I Jehovah)**
3. **Soa toavina SST (fahatahorana an'I Jehovah, Fialana @ ratsy, Fijoroana vavolombelona)**
4. **Tanjona**
5. **Zava-kendrena**
6. **Sehatry ny fanabeazana SST**
7. **Ny tontolon'ny SST**
8. **Fepetran'ny fampianarana**

1- Fomba fiasa sy fandaminana

Sampana Tanora no hajoro, saingy Fianarana Sekoly Sabata no "hetsika fototra na "activité principale" :

1) **lesona mahakasika mivantana** ny fiainan' ireo tanora no entina amin'ny lohahevitra Sekoly Sabata, Ary ny tenin'Andriamanitra no hatao fototra hanovozana izany lesona izany
2) **fandaharam– panabeazana** voahomana mialoha no atao.
3) Kendrena ary ny hanomezana lanja bebe kokoany tanora eo anivon'ny fiangonana,
4) **Tanora ihany no hofanina** hitarika sy hanoro ireo tanora zandriny (ho moniteurs animateurs) satria tsapa fa mora kokoa ny mi-fanoro sy mifankahazo raha samy tanora no miresaka.
5) **Miezaka sy mikaroka mandrakariva** ary mitazona hanan-kery ireo "fomba fampianarana , manintona sy misarika ny tanora (lohahevitra azo iainana andavan'andro, famelana malalaka ny fanehoan-kevitra, fanajana ny fahasamihafa'ny fomba fijery sns)
6) **Fandraisana andraikitra** vokatry ny fanoloran-tena kanefa voafehin'ny fitsipika.
7) **Manatanteraka fiofanana** sy fampiofanana hoan'ireo mpiandraikitra sy mpampianatra sekoly sabata tanora (moniteurs animateurs)
8) **Mamorona sy Mampitombo ireo hetsika** ahafahan'ireo tanora mifanerasera ao anatin'ny tontolo kristiana hisian'ny firaisankina! (Sorties… Festivités..)
9) **Mampitovy lanja** ny Sekoly Sabata Tanora rehetra manerana ny sahan'ny F.AM
10) **Mametraka "rafitra"** ahafahana mifampifehy hoan'ny tinaiza sy hoan'ny « mpanabe », mba tsy hisy ny baranahiny, sy maha mafy orina ny sampana.

2- Ny tarigetra SST :

Ny tarigetran'ny SST dia ny « Hanarina sy hanorina firenena (taranaka) hoan'i Jehovah » ary halentika ao antsain'ireo tinaiza hatrany izany !

3- Ny soatoavina SST:

Ireto no soa toavina (valeur) tandrovin'ny SST :

1. **Tanora mahatotra an'I Jehovah**
2. **Tanora miala amin'ny ratsy**
3. **Tanora mijoro ho vavolombelona**

a) **Tanora matahotra an'I Jehovah:** tsapanay fa ny fomba tsotra indrindra hanabeazana ny tanora dia ny fanabeazana azy hatahotra an'I Jehovah

b) **Ny fomba faharoa dia ny fanazarana tsikelikely** ireo tanora mba hiala amin'ny fomba ratsy rehetra

c) **Ny fomba fahatelo dia ny fijoroana vavolombelona** na koa ny fiainana sy fizaràna ny tenin'Andriamanitra mba hitehirizana ny toetra tsara ao anaty.

4- Ny tanjon'ny Sekoly Sabata Tanora (Buts):

Ireto ny tanjona lavitr'ezaky ny sampana (miisa 7)

1- . **Fanampiana ny tanora** hijoro amin'ny fanompoana an'Andriamanitra
2- . **Fanomezan-danja ny tanora** eo anivon'ny Fiangonana
3- . **Famolavolana olona** "mandray andraikitra" eo anivon'ny fiangonana sy ny fiaraha-monina?
4- . **Fanatsarana ny serasera** eo amin'ny samy tanora F.A.M
5- . **fanomanana fiainan- tokatrano** mirindra
6- . **Famolavolana "fiaraha-monina"** vaovao sy tsara kokoa hatrany eo anivon'ny fiangonana.
7- . **Fampitàna ny "soatoavina kristiana"** amin'ny taranaka fara mandimby.

5- Ny zava-kendrena (Objectifs):

Ireto kosa ny zava-kendrena fohy ezaka ho entina hanatrarana ireo tanjona ireo :

1. Mazoto sy ho voasarika hiditra amin'ny Sampana S.S.T ny tanoran'ny fiangonana.
2. Mazoto hamaky sy hianatra ary hampihatra izay ambaran'ny Soratra Masina.
3. Miaina sy hisitraka ny fahatanorany izay nomen'Andriamanitra azy amin'ny fahafenoana ny tanora F.A.M

6- Ny sehatry ny fanabeazana SST,

Ireto sehatra telo ireto no iankinana sy ianjadian'ny fomba fanabeazana SST:

1. Fahafantarana sy finoana an'Andriamanitra
2. Fahafantarana sy fifehezana ny tena
3. Fahafantarana sy fitsinjovana ny fiaraha-monina

Ny lesona rehetra atao ato anivon'ny sampana dia tsy maintsy miainga avy amin'ireo sehatra telo lehibe ireo.

7- Ny Tontolon'ny S.S.T

Raha te hanintona ireo tanora hiditra Sekoly Sabata Tanora isika ka te hanaja ihany koa ireo fomba voalaza etsy ambony dia tsy maintsy miezaka hametraka tontolo toa izao:

1**.Fanajana sy fikolokoloana ny hatanorana**
2.Tanora zokiny mitarika ny zandriny
3.Hetsika (activité) ao anatin'ny fifaliana.
4.fampitovian-danja (zara lanja mitovy) eo amin'ny lahy sy ny vavy!
5.Fifandraisana mora sy tsotra
6.Fizarana andraikitra
7.Fifampifehezana mazava

8- Ny fepetran'ny fampianarana sekoly Sabata tanora (pratiques)

1. Hevitra miainga avy ao amin'ny Baiboly, azo entina miaina andavan'andro
2. Fandaharan-desona manintona sy mivoatra (mamaly ny filàn'ny tinaiza)
3. Fifanakalozan-kevitra sy fizarana traik'efa

ENDRIKY NY RAFITRA

1. Sampana isaky ny fiangonana (zanam-piangonana)
2. Ny sampan isaky ny fiangonana dia manana ny antsoina hoe “sakaizan’ny tanora” na moniteurs animateurs. Ireo dia tanora mihoatra ny 23 taona, ary mpampianatra lesona Sekoly Sabata Tanora no asany.
3. Ny firafitry ny birao : Roa amin’ireo moniteurs no fidina ho filoha sy filoha lefitry ny komity SST, fa ny sisa ambin’ny komity dia “TANORA” tinaiza nalaina avy amin’ireo kilasy misy.

4. Manana rafitra roa mazava izany ny sampana SEKOLY SABATA TANORA:
5. Ny komity (birao sy mpanolo-tsaina ahitana moniteur roa sy tinaiza maromaro)
6. Ny sakaizan’ny Tanora (fikambanan’ireo moniteur) io rafitra io dia “fitaovana” eo ampelatanan’ny Komitin’ny sampana. Fa ny mitantana ny sampana amin’ny ankapobeany izany dia ny komitin’ny sampana, fa ny sakaizan’ny tanora kosa dia mpampianatra sady mpanampy ny komity isaky ny misy hetsika ataon’ny ny sampana.
7. Ny hevitra fonosin’io rafitra io dia azo azavaina tsara amin’ny fotoam-piofananan’ny sakaizan’ny Tanora (formation moniteurs)

Ny fomba fifidianana.:

Manaraka ny fomba fifidianan’ny FAM ny fomba fifidianan’ny sampan SEKOLY SABATA TANORA , raha fididianana no fomba voatendry dia izay no atao, raha fanendrena kosa dia ireo endrika ireo no ezahina tazonina ka manendry moniteur anakiroa izay rafitra manendry hatao filoha sy filoha lefitra.

Marihina fa misy fitsipika mifehy avokoa na ny tinaiza mpikambana na ny moniteurs mpikambana.Mety hisy fepetra na sazy raisina hoan’ireo mandika fitsipika (na mpanabe (moniteur io na tinaiza).

- Tsy maintsy olona resy lahatra an’ity fomba fiasa ity ka vonona ny hanaja sy hampihatra azy ary manatrika sy mahavita ny fiofanana ho moniteur vao afaka mampianatra sekoly sabata tanora sy mirotsaka ho moniteur,
- Ny programam-pampianarana dia mitovy daholo hoan’ny sampan sekoly sabata tanora rehetra manerana ny sahan’ny FAM, ny rafitra sy ny fomba fiasa sns,
- Ny laza adina fanadinana isan-telo volana sy hifindrana kilasy dia mitovy daholo manerana ny sahan’ny FAM
- Hisy marika homena ireo afaka fanadinana

<u>Ny miandraikitra ny fanofanana sy mandrindra ny hetsika :</u>

- Ety ampiandohana dia apetraka amin’ny komitin’ny Sekoly Sabata Tanora foibe ny fanofanana sy fampitana ary fanaparitahana ity fomba ity (izay efa noforonina teto amin’ny Foibe); Hametraka rafitra manokana hiandraikitra ny **lafiny teknika** (fotsiny) sy ny fandaminana iraisana sy hametraka ny discipline hiraisan’ny rehetra.
- Ny programa sy ny hetsika isam-piangonana kosa dia anjaran’ny SAMPANA ifotony sy voafehin’ny fandaminana any @ fiangonana misy azy tsirairay avy.
- Ny Sekoly Sabata Foibe no misahana ny fanaparitahana ny lesona sy ny tahirin-kevitra rehetra ilaina mahakasika ny fanabeazana SEKOLY SABATA TANORA antsoina @ solon’anarana hoe “GIDEONA” (Fomba niantsoan’ny SGN ny andiany voalohany t@ Tanora SEKOLY SABATA TANORA io)

Indro atolotra antsika manaraka eto ny ho endriky ny fandaharam-panabeazana SST